Laharana 1°, 1 Mey 2019

# VAOVAO PASAN

## Inona no atao hoe PASAN?

Ny "PROJET D'AMELIORATION DE LA SECURITE ALIMENTAIRE ET DE LA NUTRITION" (PASAN) dia mikendry ny ny fanatsarana ny toe-pahasalamana ara-tsakafon'ny vehivavy sy ny ankizy ao amin'ireo faritra telo izay iasan'ny tetikasa: Itasy, Vakinakaratra, ary Amoron'i Mania.

Ny tanjon'ity tetikasa ity dia ny fanamafisana ny rafitra fandrindrana ny fiaraha-misalahy misy eo amin'ny sehatr'asa samihafa, mba hampisy fiantraikany mivaingana amin'ny mponina ao an-toerana.

Ny PASAN dia tetikasa iarahan'ny Birao Nationaly Misahana ny Sakafo (ONN), ny Ministeran'ny Fambolena sy ny Fiompiana ary ny Jono (MAEP), ny Ministeran'ny Fahasalaman-Bahoaka (MSANP) ary ny Sampan-draharaha Japoney misahana ny Fiaraha-miasa Iraisam-pirenena (JICA) araky ny rakitsoratry ny adihevitra (R/D) nosoniavin'ny efatra tonta tamin'ny faha 5 Desambra 2018 tao Antananarivo, ary haharitra dimy taona manomboka ny volana Martsa 2019 ka hatramin'ny volana Febroary 2024.

IREO FARITRA 3 IASANA




**Toerana iasan'ny tetikasa**

Faritra 3 eto anivon-tany (Itasy, Vakinakaratra, Amoron'i Mania)

**Ny toetoetra iraisana**

Ny tahan'ny fahataran'ny fitomboana, sakafo tsy voalanjalanja mifototra amin'ny vary sy ny hanikotrana

## Ireo Mpikambana ao anatin'ny tetikasan'ny JICA

Ny PASAN dia hanana ekipa mpanantanteraka izay tarihin'ny Talen'ny Tetikasa (Mpandrindra Nationaly ONN). Ny mpikambana dia ahitana tompon'andraikitra voatendry avy amin'ny ONN, MAEP ary ny MSANP Foibe sy avy any amin'ny faritra miaraka amin'ireo ekipan'ny JICA. Ny fanendrena ireo tompon'andraikitra dia mbola an-dalàna ary ny volana Mey no hanamafisana izany, fa ireto aseho eto ambany ireto kosa ny lisitra nohavaozina an'ireo mpikambana avy ao amin'ny JICA ao anatin'ny tetikasa.

| | Name | | Position |
|---|---|---|---|
| 1 | Hiroko YASHIKI |  | Chief Advisor/ Multi-Sectoral Coordination |
| 2 | Masaya FUKUMOTO |  | Co-Chief Advisor/ Agriculture/ Rural Development |
| 3 | Makiko KONOHARA |  | Nutrition/ Mother and Child Health |
| 4 | Yu YAMAMOTO |  | Nutrition |

| | Name | | Position |
|---|---|---|---|
| 5 | Takayuki OISHI |  | Water and Sanitation |
| 6 | Ryo INOUE |  | Impact Evaluation |
| 7 | Makiko YAMAMOTO |  | Monitoring and Evaluation |
| 8 | Shohei OKAMURA |  | Coordinator/ Impact Evaluation (2)/ Agriculture (2)/ Rural Development (2) |

| | Name | | Position |
|---|---|---|---|
| 9 | ANDRIAMIZAKA Maherisoa Carol |  | Project Assistant |
| 10 | Under the recruitment | | Specialist in Agriculture (1) |
| 11 | Under the recruitment | | Specialist in Agriculture (2) |
| 12 | Under the recruitment | | Specialist in Nutrition/ Health |

| | Name | | Position |
|---|---|---|---|
| | BE ARIVONY Meja Felantsoa |  | Driver (1) |
| | RALAISAHOLI MANANTSOA Sitraka Henricot |  | Driver (2) |
| | | | |
| | | | |

## Fivoriana ho fanombohana ofisialy ny tetikasa (JCC)

Ny PASAN dia nanao ny fivorian'ny Komitin'ny Mpiara-miombon'Antoka(JCC) izay heverina ho toy ny fara-tampony amin'ny fanapahan-kevitra sy ny fanaraha-maso ny tetik'asa, izay nahitàna solontena avy amin'ny Governemanta Malagasy sy Japoney. Ny fivoriana voalohany tamin'ny JCC dia natao tao amin'ny efitrano fivorian'ny ONN ny Zoma 19 prily 2019, ka ny Mpandrindra Nasionalin'ny ONN no filohan'izany.


Ho an'ny solontenan'ny Malagasy dia nanatrika ny fivoriana ireo tompon'andraikitra avy amin'ny ONN, MAEP, MSANP ireo avy amin'ny ORN, DRAEP, DRSP Itasy, Vakinakaratra ary Amoron'I Mania. Tonga nanatrika tao ihany koa ny Filoha mpisolotena sy ny tompon'andraikitry ny tetik'asa PASAN avy amin'ny birao JICA Madagasikara, Ny mpandrindran'ny fiaraha-miasa ara-ekonomika avy ao amin'ny Masoivohon'i Japana eto Madagasikara, ary ny mpikambana avy aminin'ny JICA ao anatin'ny tetik'asa. Ankoatra izany dia nisy koa ireo solontenan'ny mpiara-miasa ho amin'ny fampandrosoina toa ny UNICEF, FAO, PAM, ACF.

Ny fivoriana dia nahitàna ireto tanjona efatra manaraka ireto: 1) Hampitovy ny fahafantarana ny PASAN eo amin'ireo mpikambana ao amin'ny JCC sy ireo vahiny izay nasaina; 2) Hankatoavana ny tatitra 1° ho fanaraha-maso ny tetikasa (in-2 isan-taona) ho alefa amin'ny JICA; 3) Hanendry ny Tompon'Andraikitra isan-tsokajiny hiara-hiasa amin'ny PASAN; 4) Hanome anarana Malagasy ho an'ny PASAN. Mba hanatrarana ny tanjona 1) & 2) dia nisy ny fahampafantarana ny momba ny PASAN izay narahan'ny fotoana ametrahana fanontaniana sy ny valiny.

Fahombiazana ny fivoriana satria nifarana tamin'ny fanatrarana ny tanjona 1) & 2) ary koa tamin'ny fanekena ny fepetra takiana mba hahatratrarana ny tanjona 3) & 4).

## Fandaharan'asa ho an'   ny enim-bolana voalohany

Ity kisary ity dia mampiseho ireo vina ho an'ny fandahan'asa izay ho atao anatin'ny enim-bolana voalohany, manomboka ny volana Aprily ka hatramin'ny Septambra 2019.






Hanohy "Vaovao" momba an'i PASAN foana izahay. Ny fanehoanao sy ny fangatahanao dia horaisina. Soraty amin'ny: PASAN@gmail.com.
Na, tsidiho ny tetikasa ONN, Anosy, Antananarivo na ORN ao Itasy, Vakinakaratra, ary Amoron'i Mania.